FIAINAM-PIRENENA

# Mpanivaiva fiangonana ny fitondrana misy eto

Tsy mampino ny zava-nitranga tamin'ity herinandro ity dia ny famoahana an-gazety ny sarin' ny Arsevekan'Antananarivo sy ny fanoratana ny anarany dia ny Mgr Odon Marie Arsène Razanakolona, izay nambara fa natao fanadihadiana mikasika ny fisian'ny fikasana hamono ny filohampirenena, sady izay indray natao lohateny mivandravandra sy nahazo ny takila voalohany .
Marihina fa mbola vao fanadihadiana no natao ary tsy mbola misy ny afaka mitompo teny fantatra amin'ny mahameloka na tsia, ny Arseveka amin'izao raharaha izao , kanefa kosa noho ny maha Ray aman-dRenim-piangonana azy dia tokony azo natao tsara ny nanao ny fanadihadiana mangingina sy nifehy ny vaovao, kanefa dia ny gazetin'ny tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny serasera eto amin'ny firenena no nivoy ny vaovao.
N'inona n'inona vokatry ny fanadihadiana eo dia tsy maintsy hisy fahasorenana ho an'ny mpino krisitiana katolika, izao fihetsika tsy voahevitra asehon'ny tompon'andraikitra eto amin'ny firenena izao.
Mazava ny fanambarana nataon'ny Kardinaly Tsarahazana Desiré , izay nametraka amin'ny toerana mazava tsara ny fiangonana katolika ary teo anatrehan'ny filohampirenena no nanaovany izany.
Mitamberina ao an-tsaina ny zava-nitranga tetsy amin'ny Episcopat Antanimena ny 17 Martsa 2009, dia ny fanivaivana ny Mpitandrina Rasendrahasina Lala, Filohan'ny FJKM tamin'izany, ny mahavariana dia mbola ilay namoaka vavabe teny Antanimena ihany no nahavita namoaka an-gazety ny sary sy anaran'ny Arseveka , kanefa anterina hatrany fa azo natao tsara ny mifehy ny vaovao, itandroana ny hasin'ny finoana sy ny fiangonana, ministry ny serasera i Lalatiana Andriantogarivo Rakotondrazafy nefa toa tsy mahafehy akory ny farany bitika amin'ny fitsipika mifehy ny serasera akory.
Efa tsy mahagaga aloha raha manao tsinontsinona ny fivavahana ny fitondrana ankehitriny, satria niaraha-nahita ny fanarabiana nataon'ny mpitondra amin'izao fotoana izao ny fianianana nataon'ny Filoha Marc Ravalomanana tamin'ny baiboly, fony izy nandray ny fahefana avy tamin'ny fifidianana madio, ary Ingahy




Jean Eric Rakotoarisoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana dia niedinedina fatratra mihitsy nanitrikitrika, fa tsy misy ilana baiboly ny teny Mahamasina ny 19 Janoary 2019, izay azo lazaina hoe mety lojika ihany tokoa ny azy , satria fandresena azo tamin'ny hosoka tokoa ve ilamboatsiary amin'Andriamanitra , fa tsara tsiahivina etoana ihany fa ny alin'io Sabotsy 19 Janoary 2019 io dia nisy ny fianjeran' ny vatobe niteraka fatiolona nikararana .
Tsy izay ihany fa hita taratra tamin'ny fomba fandraisana fepetra, fa tsy dia marisika loatra amin'ny fivavahana ny fitondrana, raha tsy hiresaka afa tsy ny amin'ny fiatrehana ny aretina koronaviriosy, satria raha navela hiasa ny toerampamorian'olona sasany, dia efa taty aoriana be vao nomena alalana hisokatra ny vavaram-piangonana, arak'izany dia vakiana fotsiny araka ny fitenin'ny tanora, fa tsy dia manome lanja loatra ny fiangonana ny fitondrana.
Olomboahosotr'Andriamanitra ny mpitondra fiangonana, ka raha vao ny ray amandreny ampanahy no voatonontonona dia mazava ho azy, fa manaraka ho azy ny anaram-piangonana ary dia tsy maintsy hiteraka fanafintohinana ho an'ny mpino kristiana izany.
Fahotana sy heloka eo anatrehan'ilay Nahary ny fanazimbazimbana ny Olomboahosotra, ka izay manao izany dia tsy maintsy ho tonga tsy ho ela aminy ny faharavana.

***Ny Valosoa***

Eliana Bezaza sy fifofoana ny ain'ny filoha

# Mifamahofaho ny resaka avoakan'ny mpanao fanadihadiana

Mahakasika ny fikasan'ny sasany voalaza fa nifofo ny ain'ny filoha Rajoelina, mitondra ny fanehoan-keviny momba izany ny antoko PSD amin'ny alalan'ny sekretera nasionaliny : Eliana Bezaza.
« Eto am-piandohana dia mampahatsiahy ny antoko PSD, fa manameloka foana rehefa misy ny fampiasana herisetra eto amin'ny firenena, na iza na iza lasibatr'izany, na mpitondra na olon-tsotra. Koa raha voamarina, ka nisy tokoa izany fikasana nifofo ny ain'ny Filohampirenena izany, dia mazava ho azy fa manameloka an'izany izahay. Raha voamarina hoy aho, satria milaza ny mpanao fanadihadiana fa mbola am-perin'asa, ary tsy mbola misy akory hatreto ny voatonona fa meloka avy ao amin'ny fitsarana.
Aoka mba hanao ny asany am-pitoniana ny tokony hanao izany rehetra izany ary izahay PSD dia mitaky ny fikarohana ny marina hatramin'ny farany ary mba tsy ho atao tompon- trano mihono ny vahoaka malagasy, ka tsy misy ho afenina azy ny ny porofo tsy azo lavina sy mandresy lahatra rehetra



*Eliana Bezaza, sekretera nasiônalin'ny antoko PSD.*

mba tena hahafantarana ny marina.
Hatreto mantsy dia mifamahofaho ny resaka avoakan'ny tompon'andraikitry ny fanadihadiana. Milaza ny minisitry ny filaminam-bahoaka fa efa manana porofo vokatry ny fanadihadiana efa aman-bolana, nefa tsy misy porofo nahafahana nampiditra am-ponja an' ireo voapanga hatreto, fa mbola any an-tranon' olona manokana ihany no mitohy hatramin'izao efa ho andro maromaro izao ny fanadihadiana. Tsy manara-dalàna izany, ary mahamenatra raha raharaha goavana ohatran 'izao, izay aim-ben'ny firenena no tsy hanarahan-dalàna. Sa tsy azo antoka indray ny porofo ? Sa matahotra ny frantsay satria manam-boninahitra frantsay ireo voapanga? Maninona tsy ampanarahana ny lalàna velona ary hatramin'ny oviana no ho tazonina « garde à vue » ireo olona ireo ? Lasa aloha loatra angaha ny fanamborana ka rehefa voasambotra vao mikaroka porofo ? Izany daholo no fanontaniana mipetraka ao an-tsain'ny malagasy mandinika ny fandehan'ny raharaha, satria amin'izao fotoana izao vao mivoaka tsikelikely ny mikasika io raharaha io sy ny eritreretina ho mpiray tsikombakomba eto Madagasikara ary manomboka ny fanamborana olona samihafa. Ny mahagaga dia toa olona akaiky ny fitondrana daholo hatreto na ny voasambotra na ny voatonona, hatramin'ny honohono aza. Misy artista, misy olom-piangonana, ary misy koa hono, ary tsindriko ny « hono », olom-panjakana am-perin'asa.
Araky ny fandinihanay dia tsy misy intsony ny firaisan-kina eo anivon'ny fitondram-panjakana eto Madagasikara. Matoa tsy misy ny firaisan-kina dia satria tsy misy intsony ny tanjona iombonana sy ny foto-kevitra tsy azo hozongozonina. Tokony ireo mantsy no fototra iankinan'ny fitondrana voalohany indrindra. Hita izao amin'ny fandehan'ny raharaha andavanandro fa hafa mihitsy no niankinana : tombontsoa manokana, vola, seza, hany ka rehefa mihàtra ny zara vilana sy ny fahadisoampanantenàna, dia rava ny fototra ka ny ao anatiny ihany no manakorontana.
Latsa- tokana ny Filohampirenena amin'ity raharaha ity, satria ny namany natokisany ihany no mamadika azy. Tsy misy hidiran'ny firenena frantsay ity raharaha ity fa raharahan-tokatranon-dry zareo samy akaikin'ny filoha.
Hafatra hoan'Andriamatoa Filoha Andry Rajoelina : Misaotra an'Andriamanitra fa mbola velona soa aman-tsara ianao Andriamatoa Filoha, ary mbola Filoham-pirenenan'i Madagasikara. Raha mbola mibanjina fampandrosoana hoan'ny firenena ianao dia fotoana izao handraisana fanapahan-kevitra goavana hanadiovana ny manodidina anao sy hanovana tanteraka ny politika fitondrana, mba hifantoka kokoa amin'ny ara-ekonomika sy ny ara-tsosialy, ny famporisihana ny mpandraharaha mba hamoronana asa farany izay maro indrindra, fa izany no tena ilaintsika. Izahay dia tsy mitsahatra ny milaza fa ilaina ny fanovàna ny lalam-panorenana, ary ny safidin'ny antoko PSD dia ny federalisma araekonomika, mba hitarika kokoa amin'ny fampandrosoana mirindra isamparitra. Tsy misy mifampiandriandry fa samy mikarakara izay mahavelona ny mponina ao aminy ny faritra rehetra, izay no fomba hamongorana ny kere izay efa tsy any atsimo irery intsony, fa efa mihanaka eran'i Madagasikara amin'izao hasarotam-piainana izao".

***Nangonin'Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Saro-katsahina ny lala-mahitsy tokony hizoran'ny firenena

Mifarana ity ny volana jolay, volana izay mbola isian'ny hirifirin'ny hatsiaka mamanala indrindra ny maraina sy ny hariva, ny toetr'andro koa mivadibadika be ihany. Tsy izay loatra kosa anefa ny zavanisy eo amin'ny fiainam-pirenena fa misonga miakatra hatrany ny maripana eo amin'ny sehatra politika. Misy mandrirotra ihany koa amin'izay itiavany azy ny fahitana ny raharaha toy ny mahakasika ny filohan'ny Repoblika tato ho ato. Aoka tsy sasàna ati-doha ny vahoaka amin'izay mampiasa saina ny olona eo amin'ny fitondrana sy ny mpanara-dia azy. Ny fiarovana ny filoha dia efa iaraha-mahalala sy mahita, fa mifanalavitra tanteraka amin'ny fiarovana ny vahoaka, ka toy ny mamendrofendro azy ihany izany, toy ny nataon'ny governora nidehaka tamin'ny volabe nolaniana taminy tamin'ny fitsaboana azy tany ivelany. Maneho miharihary ireny ny hantsana lehibe manelanelana ny vahoaka sy ny mpitondra. Ny ezaky sy ny finiavan'ny fitondrana amin'ny fanarenana izany aza tsy hita soritra mazava mandraka ankehitriny.
Misy ny andrasan'ny vahoaka mafy amin'ny fitondrana hatramin'ny naha teo amin'ny fitondrana azy tato anatin'ny roa taona sy tapany izao. Zavatra hafa no ihazakazahan'ny fitondrana, satria may amin'izay maha maika azy izy. Tsy izany anefa no laharam-pahamehana ho an'ny vahoaka. Ny an'ny vahoaka anefa tsotra sy mazava, vidim-piainana mihena ary ny fari-piainany mihatsara tsy mitsahatra. Ary io tsy ampahan'olona tsongantsongaina toy ny nataon'ny fitondrana tamin'ny fitsinjovana ara-tsosialy anaty krizy ara-pahasalamana ka misy tsy misitraka, fa ny daholobe tsy ankanavaka. Fitondrana tsy mahatratra izay ilain'ny vahoaka izay, dia fitondrana tsy mahavita azy. Ka aoka ny mpisolelaka sy mpila ranondranony amin'izao fitondrana izao tsy hilaza fa hoe tena miasa ary hita soritra ny fanavotana ny firenena. Mpamita-bahoaka sy mpamahan-dalitra mihitsy ny sahy manao izany. Ny mpianatra raha nahazo naoty 03/20 teo aloha ka niakatra 04 na 05/20, dia mbola tsy mahay izany mpianatra izany ary mila ezaka be. Mamitaka izay sahy milaza fa efa mahay izany mpianatra izany. Mbola lavitra ny asa fanarenana ny firenena ankehitriny, indrindra izy vao mainka miha- milentika lalina noho ny krizy nampidirana ny firenena, herintaona sy efa-bolana izao.
Raha mbola entina amin'ny làlana tsy misy mangaraharaha sy fanakonakonana ny marina ny firenena, dia tsy hisy zavatra hanjary. Ny firenena tsy miaina anaty fahamarinana dia firenena mandeha amin'ny làlana tandindonin-doza.

***Sôh'son***